Kandidà filoha Rajaonarimampianiana 2

**Mitohy ary tsy maintsy mandresy ny tolona**

Fitondran-dRajoelina sy ny forongony 3

**Mandeha ila toy ny kiraron'i Beminahy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 5 desambra 2023 Laharana 1503 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Nanao ny nataony ny herim-pamoretana 3

**Voatohintohina indray ny fahalalahana maneho hevitra tany Diégo**

RMDM sy ny TIM 3

## Fanavotana ny Malagasy rehetra no maika fa tsy toerana



Departemantam-panjakana Amerikana 2


## Ento amin'ireo rafi-pitsarana mahefa ireo fitarainana momba ny fifidianana





Fiainam-pirenena 3

## Hanohy ny fampihavanana ny FFKM



Fivondronan'ny mpianatra terak'Androy, Toliara 2

## Mitaky ny famoahana tsy misy fepetra kolonely nosamborina



Tsy fandriampahalemana miseho lany 6

**Karana vavy voatifitra teny ambony moto teny Namontana**

Coupe de Madagascar Rugby 5

**Ny Uscar sy Ftm ary ny Tam Anosibe sy Cosfa no tafita**

**Daka kely**



Ary toa tsy nahandry tantana ialahy ry Boaikely fa toa efa any Dubaï sahady sa maika hibizina a !

DEPARTEMANTAM-PANJAKANA AMERIKANA

# Ento amin'ireo rafi-pitsarana mahefa ireo fitarainana momba ny fifidianana

*Manoloana ny sarintsarina voka-pifidianana tamin'ny fifidianana filohampirenena teto Madagasikara ny herinandro teo iny, nanao fanambarana ny faran'ny herinandro teo Andriamatoa Matthew Miller, mpitondra tenin'ny Departemantam-panjakana amerikana:*

"I Etazonia dia mankasitraka ny vahoaka Malagasy nampiasa ny zo maha-olom-pirenena azy sy ny zony ara-politika nandritra ny fifidianana filohampirenena natao ny 16 novambra lasa teo. Voarainay ny fanambarana amin'ny fomba ofisialy ny voka-pifidianana nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana (HCC), manamafy ny fahalanian'ny Filoha Andry Rajoelina indray. I Etazonia dia manamafy ny fahavononany hiara-hiasa amin'ny Filoha voafidy Andry Rajoelina, ny governemanta, ary ny vahoaka Malagasy ho fampandrosoana ny firenena sy ho fampanajana ny zo fototra ho an'ny tsirairay.

Mankasitraka ihany koa ny governemanta sy ny vahoaka Malagasy niantoka androm-pifidianana nilamina sy tony tamina faritra maro. Na izany aza anefa, niteraka ahiahy izay tokony harenina ny zotram-pifidianana ho fiantohana ny filaminana sy ny ho avin'ny firenena. Maro ireo mpiantsehatra, na olom-pirenena na mpanaramaso ny fifidianana avy eto an-toerana sy iraisam-pirenena, izay nahatsikaritra tsy fahatomombanana samihafa nandritra ny zotram-pifidianana. Ankoatr'izay, maro amin'ireo sosokevitra fanatsarana ny zotram-pifidianana naroso taorian'ireo fifidianana natao ny 2018 sy 2019, no tsy mbola tanteraka.

Miantso ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana CENI izahay hamaha ireo olana ireo, ary miantso ny governemanta Malagasy hanadihady amin'ny antsipiriany ireo tsy fahatomombanana sy ireo voalaza fa hosoka, ka hiroso amin'ireo fanavaozandrafitra samihafa navoitran'ireo mpanaramaso ny fifidianana malagasy sy iraisam-pirenena, ary hijery akaiky ireo filàna sy fanirian'ny olom-pirenena ao Madagasikara.

Mangataka an'i Madagasikara i Etazonia, mba haneho fahavononana hatrany hanaja ny zotra demokratika, ny lalàm-panorenana sy ny tany tan-dalàna. Mendrika sy miandrandra fifidianana malalaka sy madio, tanterahina ao anaty filaminana, ary fanjakana tsara tantana, ny vahoaka Malagasy. Miantso ihany koa ny governemanta Malagasy hampitombo ny fahatokisan'ny vahoaka ireo rafi-panjakana ao aminy, sy hiantoka ny fahamarinan'ireo fifidianana ho avy.

I Etazonia dia manameloka ny herisetra amin'ny endriny rehetra ary miantso ny vahoaka Malagasy, hitondra ireo fitarainana mahakasika ny fifidianana manoloana ireo rafi-pitsarana mahefa ao Madagasikara.



*Ny mpitondra tenin'ny departemantam-panjaka Amerikana Matthew Miller.*

Raha ity fanambarana nataon'ny ao amin'ny ministeran'ny raharaham-bahiny Amerikana ity, tsy mahefa ve izany ny fitsarana nitsara ny fifidianana filohampirenena teo dia ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC)? Heverina fa hitory amin'izany fitsarana tena mahefa izany ny vondron'ny kandidà 11, sy ny olom-pirenena rehetra nahita tsy fahatomombanana sy hosoka ary tsy fetezana maro tamin'iny fifidianana tamin'ny 16 novambra lasa teo iny. Tantara mbola mitohy.

**Nangonin'Isambilo**

Kandidà filoha Rajaonarimampianiana

# Mitohy ary tsy maintsy mandresy ny tolona

Manoloana ny sarintsarina voka-pifidianana navoakan'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana (HCC) ny herinandro lasa teo, nisy ny fanambarana nataon'ny kandidà filoha Hery Rajaonarimampianina, izay ao anatin'ny vondron'ny kandidà 11 ihany koa. Mitohy ary tsy maintsy mandresy ny tolona hoy izy. "Anjarantsika no mametraka lova tsara ho an'ny taranaka, mametraka Firenena vanona ho lovain' izy ireo. Tsy hiray tsikombakomba amin'ny famotehana ny Tanindrazana, tsy ho mpiray antoka amin'ny fanimbana ny hoavin' ny taranaka sy ny Firenena isika, fa hijoro hatramin'ny farany, hiady sy hitolona, hanavotra sy hanarina ny Tanindrazana sy ny Tanindrazana sy ny Taninjanaka. Antsika malagasy i Madagasikara fa tsy an' olon-tokana. Mitohy arak' izany ny tolona ataontsika, koa miantso ireo hery velona rehetra eto amin'ny Firenena hitsangana sy handray ny andraikitra tandrify azy avy. Tsy maintsy mandresy isika ary tsy maintsy firenena tena mahaleotena amin'izay i Madagasikara." Manana 11 andro ny vondron'ny kandidà sy ny tolom-bahoaka hatao, ka ho hitantsika eo ny ho tohin'izany.



*Ny kandidà filoha, Hery Rajaonarimampianina.*

**Niaina**

Fivondronan'ny mpianatra terak'Androy, Toliara

# Mitaky ny famoahana tsy misy fepetra kolonely nosamborina

Manoloana ny fampidirana am-ponja eny Tsiafahy Antananarivo Atsimondrano, kolonely miaramila am-perinasa, mitaky ny famoahana tsy misy fepetra kolonely nosamborina izany ny fivondronan'ny mpianatra terak'Androy FIZATAMPIOTO ao anivon'ny Oniversiten'i Toliara:

''araka ny vaovao voaray sy voamarina dia voasambotra ary nadoboka any amponjan'i Tsiafahy ny Raiamandreninay terak'Androy manerana an i Madagasikara, izay lehiben'ny faritra Androy teo aloha, ny Kolonely Randrianirina Mickaël. Eto izahay dia mampahafantatra ny Malagasy rehetra amin'ny maha-mpiray tanindrazana, indrindra fa ny terak'Androy eto Madagasikara, amin'ny ambaratonga misy azy avy: fa tsy ekena ny zavatra toy izao, fa fanimbazimbana ny hasina maha-Malagasy indrindra fa ny Antandroy. Ka noho ireo antony voalaza ireo dia mangataka tsy misy hatak'andro, tsy misy fepetra ny hamoahana ny Raiamandreninay terak'Androy izahay. Manolona izany rehetra izany dia manome 48 ora izahay, ho famoahana azy amin'io toerana tsy mendrika azy io. Marihina etoana fa rehefa tapitra ny 48ora dia handray fepetra hentitra izahay terak'Androy manerana an'i Madagasikara, mba hamoahana ny Raiamandreninay. Masina ny Tanindrazana.'' Voalaza fa nikasa hanongam-panjakana ity kolonely ity, miaraka amin'ny kolonely iray hafa namany, olona roa tokoa ve hahavita hanongam-panjakana, fa raha nisy tokoa izany, tokony ho olona maro, na maromaro no voakasik'izany. Ho tapitra ny 48 ora, nomen'ireto mpianatra ireto, ho harahantsika eon y ho tohiny, raha mbola hiziriziry izao fitondrana tsy ara-dalàna sy tsy manara-dalàna izao.

**Nangonin'i Stefa**



*Fivondronan'ny mpianatra tarak'Androy any amin'ny Oniversiten'i Toliara.*

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Manoela R.

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Raharaham-pirenena

# Tsy hiadana sy tsy ho finaritra i Madagasikara

Mbola hisy fanantenana ve ny ho havin 'i Madagasikara raha izao zavamisy eto amin'ny firenena izao no sainina sy eritreretina ? Tany tan-dalàna ve no misy eto Madagasikara sa tsia, satria toa izay tian'ireo tompom-pahefana no hampiharina hitondràna ny firenena ? Tena manao ny danin'ny kibony izy ireo, misy fetrany anefa izany. Mbola hanana ny ho aviny mamiratra ve ireo tanora izay lazaina fa ho avin'ny firenena ? Mihàtra eto Madagasikara ve ny soa toavina maha Malagasy dia ny fanajàna ireo ray amandreny eto amin'ny firenena, sy ireo izay nampalaza antsika hatramin'izay dia ny fihavanana ? Ireo no santionan'ny fanontaniana miverimberina eny ambavan'ny olom-pirenena maro na eny andalambe na eny amin'ny tambazotran-tserasera amin'izao fotoana izao , indrindra taorian'ny fifidianana izay tsy nandraisan'ny rehetra anjara teo, ka nampandresen'ny CENI sy HCC an'i Andry Rajoelina. Ny fanirian'ny rehetra dia hiadana sy ho finaritra i Madagasikara, saingy indrisy mizotra mankany anaty lavaka isika raha jerena amin'ny zavatra misy. Izay tian'ny tompom-pahefana no atao eto ary ataony amin'izay mampetipety azy ny itondràna ny firenena na tsy ao anaty lalàna aza . Aiza ve ka mpitondra lazaina fa lany , tsy nisy fianianana ny fametrahana azy amin'ny fomba ofisialy dia efa midedaka sahady misolo tena an'i Madagasikara any ivelany . Mazava ny voalaza fa tsy filoha izy raha tsy vita ny fianianana amin'ny 16 desambra . Niditra antsehatra nandamina ny ray amandreny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa sy ny FFKM amin'ny disadisa eto amin'ny firenena, kanjo ny tenany indray no nahazo loza . Fanajana ray amandreny ve izany araka ny soatoavina maha Malagasy ? tsia ny valiny . Dia miandry ny ho tohiny ny vahoaka Malagasy 70% mahery tsy nifidy an'i Andry Rajoelina , eo mahita izy hoy ny fiteny iray izay.

**Helisoa**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondran-dRajoelina sy ny forongony

# Mandeha ila toy ny kiraron'i Beminahy

Miharihary ankehitriny ny zava-misy eto amin'ny firenena, fa mandeha ila. Misy ampahany vahoaka, izay vitsy an'isa, manohana izao fitondrana izao, miohatra amin'ny maro an'isa manohitra azy. Niaraha-nahita tsara izany tamin'ny fiatrehana iny fifidianana amboletra iny, sy ny fitsara-mitanila nampanaovina tian-kano tsy tian-kano ny vahoaka malagasy. Dia nisy nihorakoraka nifaly ireo olom-bitsy teny amin'ny Araben'ny Fahaleovantena ny andro sy fotoana namoahan'ny HCC mitanila, namoaka ny voak-pifidianana. Hay azo idirana ihany izany kianjan'ny 13 mey izany rehefa ho an'ny mpomba an-dRajoelina sy ny forongony, satria tsy nisy lakrimôzena nidoboka, hetsika politika anefa izany, fa tsy nisy nanakana. Tetsy ankilan'izany, nisy maro an'isa nangina, sorena sy tezitra sy tsy faly mihitsy, satria tsy araka ny notakiana, dia ny fifidianana madio sy eken'ny rehetra no nisy, fa ny mifanohitra amin'izany : sarintsarim-pifidianana, sy sarintsarina voka-pifidianana no nivoaka sy navoakan'ny HCC. Niaraha-nahita ny tsy fitovian'ny herijika teo amin'ny kandidà, ary nisy aza ny mbola naratra notsaboina tany ivelany, nefa nisy ny nangalatra fiaingàna hatrany am-boalohany tamin'ny fampielezan-kevitra, sns…

Ankehitriny, navoakan'ny HCC ny didy, fa Rajoelina no lany. Natao maimaika novonjivonjena toy ny tsinain-kena ny famoahana ny vokatra, ary ho toy izany koa, araka ny re, ny hanatanterahana ny lanonana fametrahana azy amin'ny toeran'ny filohan'ny Repoblika, izay voalaza fa hatao ny 16 desambra ho avy izao. Maro no tsy miraika, ao ny tsy faly, ao ny manohitra satria tsy nifidy azy no sady tsy manaiky marindrano frantsay hitondra ny firenena malagasy, tsy eken'ny sainy velively izany. Raha tombanana amin'isambato azon-dRajoelina ka hametrahana amboletra azy fotsiny izao, dia zara raha ampahafolon'ny vahoaka malagasy, ary iray ampahadimin'ny tokony hifidy. Eken'ny HCC, sy ireo lazaina ho mpitsara ambony manam-pahalalana amin'ny fahaizana lalàna eto Madagasikara anefa izany. Hita miharihary araka izany anefa, fa tsy mifandanja ny mpanohana nifidy azy sy ireo mpanohitra azy eo amin'izao toerany izao, ary ireto farany iaraha-mahalala, fa maro an'isa. Izay indrindra no ilazana hoe, handeha ila toy ny kiraron'i Beminahy ny fitondrany. Tsy hahasoa ny firenena velively anefa izany, ary tsy hampandroso azy ihany koa. Misy aza ny milaza fa vao hijoro dia hidaraboka izao fitondrana izao, tsy hahavita izany taom-piasana 5 taona izany indray, satria ho avy ny tolona tena tolom-bahoaka mitsipaka ny tsy fahamarinana rehetra, sy ny fiverenan'ny fanjanahana indray eto amintsika, noho ny haha-filoha an-dRajoelina izay Frantsay, efa nanary ny maha-Malagasy azy.

***Sôh'son***

Nanao ny nataony ny herim-pamoretana

## Voatohintohina indray ny fahalalahana maneho hevitra tany Diégo

Voatohintohina indray, ny fahalalahana maneho hevitra tany Antsiranana faritra Diana ny alahady teo. Voasakana tsy afaka nivory tao amin'ny foiben-toeran'ny Tiko Antsiranana ny Jeune TIM any an-toerana. Rakotra mpitandro filaminana ny foiben'ny TIKO Place Kabaro Diégo, izay misy ny Radio MBS Antsiranana ihany koa ny alahady tolakandro teo. Nikasa hivory tao ny Jeunes Tiako i Madagasikara Antsiranana, saingy tsy afaka nanatanteraka izany izy ireo. Fanampenam-bava izao hoy ny mpitarika ireo tanora any an-toerana, satria samborina izay mihetsika, sakanana ireo manao fivoriana politika nefa amin'ny toerana mifefy. Noho izay antony izay voasakana koa ireo olona tokony handefa annonces na filazana samy hafa, dédicace na hira namelan-kafatra, publicité na dokam-barotra tao amin'ny Radio MBS Diégo. Voabahana tanteraka ny vavahady fidirana tao amin'ity onjampeo tsy miankina akaiky ny mpanohitra ity, saingy misokatra amin'ny sokajin'olona rehetra.

***LW***



*Ireo herim-pamoretan'ny fitondrana, nisakana ny fidirana tao amin'ny MBS Antsiranana.*

RMDM sy ny TIM

## Fanavotana ny Malagasy rehetra no maika fa tsy toerana

Nivory tetsy amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM Bel'Air omaly, ny lohandohan'ny mpisorona sasany ao amin'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sy ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Ny mahakasika ny fanohizana ny tolona ho tolom-bahoaka, no anisan'ny nodinihana tamin'izany, tolom-bahoaka izay iarahana amin'ny vondron'ny kandidà 11, sy amin'ny sokajin'olona samy hafa: mpanao politika, fiarahamonim-pirenena, sendikan'ny mpiasa, na mpiasam-panjakana izany na tsy miankina, mpianatra, olon-tsotra, sy ny maro hafa,… Nambran'ny kandidà filoha Marc Ravalomanana nandritra izany fa:"tsy ny toerana na ny voninahitra no tadiavintsika sy maika, fa ny fanavotana ny vahoaka Malagasy rehetra. Ny zavatra rehetra dia eken'Andriamanitra hiseho, fa tsy ny zavatra rehetra no sitrapon'Andriamanitra,'' hoy izy nandritra izany. Ankoatra izany, nivory nikaton-trano teny Andraharo ny vondron'ny kandidà 11 ny faran'ny herinandro teo, niketrika ny ho tohin'ny tolona, heverina fa tsy ho ela izy ireo dia hanambara ny tohin'izany: ady amin'ny tsy fahamarinana, sy ny ady amin'ny fanjanahana amin'ny endriny maoderina.



*Fivorian'ny lohandohan'ny mpisorona sasany, ao amin'ny RMDM sy ny TIM omaly.*

***Isambilo***

Fiainam-pirenena

## Hanohy ny fampihavanana ny FFKM

Nanatanteraka komity Foibe-45 ny herinandro teo, tao amin'ny EEM Katedraly Santa Marka Fosarato Fianarantsoa, ny FFKM : Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara. Loha-hevitr'izany komity Foibe-45 ny tenin'ny Soratra Masina ao amin'ny Matio 5 : 9 :"sambatra izay mampihavana fa izy no hantsoin'Andriamanitra hoe zanany.'' Arak'izany, hanohy ny fanelanelanana sy ny fampihavanana eto amin'ny firenena ny FFKM. Hiantso izy ireo ny zanany rehetra izay manam-pahaizana momba ny lalàna handinika ny tsy fitovian-kevitra, hamaritra paikady mazava ho fanabeazana ny olom-pirenena izay ampianarina eo anivon'ny FFKM ny Andrimaso, amporisihana ny fiangonana rehetra hanao 5minitra ho fanabeazana ny olom-pirenena. Tokony hampiharina ihany koa ny sehatry ny fahamarinana eo amin'ny politika hoy ity fiombonambe ara-pinoana ity. Miantso ny rehetra hijoro hiady amin'ny fahalovana eo anivon'ny ankohonana, sy ny fiarahamonina ary ny firenena. Ny Komity Foibe-46 dia hatao any Morondava amin'ny 20-24 novambra 2024. Nanasonia ny fanambaran'ny FFKM tany Fianarantsoa izao ireo filohampiangonana ao amin'ny FFKM: ny avy amin'ny FJKM: ny mpitandrina Dr Irako Andriamahazosoa Ammi, ny avy amin'ny EKAR: Mgr Raoelison Jean de Dieu, ny avy amin'ny FLM: Pastora Dr Rakotozafy Denis, ny avy amin'ny EEM: Mgr Ranarivelo Samoela Jaona.



*Ireo filohampiangonana ao amin'ny FFKM.*

***Isambilo***

### TONONKALO

## Ireo mpitandro filaminana

Raha tsaraina ny asa vitan'ny mpitandro filaminana,
Dia ho maro, tena maro ireo tsy ho afa-panadinana,
Fa ny fomba amam-panaony, tena mahavaky vava,
Tsy sokajin'ny mpandamina fa ny sefon'ny mpandrava !

Ireo heverina ho lohany sy miravaka girady
No mazàna misy toetra hita ho mamoafady.
Ilay « ho an'ny tanindrazana », tena zary tsy ao an-tsainy,
Fa ny hanompo mpanambola , izany izao no tena hainy !

Raha ireny no miteny hoe 'ndeha lelafo ny maloto,
Dia manaiky an-tsitrapo ireo efa zatra lohamboto !
Ny hany masaka ao an-tsainy ,vola ihany, vola hatrany,
Tsy ahoany ireo vahoaka efa mandady amin'ny tany !

Mihamitombo tsy mijanona ireo dahalo sy malaso,
Misy ireo mangala-taova sy manendaka voamaso.
Tena ilaina ireo bebasy hiaro ny eny ambanivohitra,
Saingy Analakely no hitany hihazàna ny mpanohitra !

Tsy ny hiaro ireo vahoaka, tsy izany velively
No manesika azy hijoro raha ny feo sy sary miely,
Fa ny hiaro ireo mpitondra efa tsy manana fanahy,
Ka indro miaraka mitsindroka amin'iretsy jiolahy !

Tsy ny « ho an'ny tanindrazana », tsy izany intsony aloha
No tarigetran'ireo sasany efa tena maivan-doha,
Fa ny hiray tsikombakomba dia hiaraka hihinana,
Izany sisa ankehitriny ireo mpitandro filaminana !

***DADAN'i ZINA (03-12-23)***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Fankalazana an'Andriamanitra noho ny fitokanana ny trano fiangonana FJKM Sud Ambohipo, kaominina Alasora distrikan'Antananarivo Avaradrano, sy fankalazana ny faha-20 taona naha mpitandrina sady alahadin'ny mpitandrina : Solofoarohasina Voahanginirina.**




















## NY TENY FIAINANA

*Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; handeha izy, nefa tsy ho reraka.*

***Isaia 40:31***

### Basikety 3x3 tany Le Caire Egypte

# Samy latsaka ny laharana nisy ny Ankoay lahy sy vavy




*Egypte 3x3 lehilahy sy Kenya 3x3 vehivavy tany Le Caire.*

Nifarana tany Le Caire Egypte ny alahady teo, ny fifaninanana basikety 3x3, niadiana ny ho tompondakan'i Afrika 2023. Samy latsaka tamin'ny ankapobeny ny laharan'ny Ankoay 3x3 lehilahy sy vehivavy Malagasy, ny sokajy lehilahy dia nanary ny anaram-boninahitra teo am-pelatanany, ka lasa laharana faha-3 rehefa nandresy an'i Algérie 20 – 16 teo amin'ny lalao fiadian-toerana ary ny sokajy vehivavy dia nihemotra toerana iray ihany koa, fa lasa laharana faha-3 rehefa nandavo an'i Ouganda 19 – 17 tamin'io lalao fiadian-toerana faha-3 io ihany. Ny ekipan'i Egypte 3x3 lehilahy sy ny ekipan'i Kenya 3x3 vehivavy no nandrombaka ny medaly volamena tamin'ity fifaninanana ity tamin'ny alahady 3 desambra 2023 teo ary efa saika nanao pao-droa mihitsy ny mpampiantrano tamin'izany raha nandresy an'i Nigéria 18 – 15 teo amin'ny lalao famaranana ny sokajy lehilahy Egypsiana raha nahagaga ny maro, fa lavon'ny ekipa Kenyana 21–20 kosa ny sokajy vehivavy izay mbola nitarika 20 noho 19 hatreo amin' ny 09 segondra tsy hiafaran'ny lalao.

***Rainilita***

### Karaté-do Malagasy

# Be ireo tompondaka vaovao tany Toamasina




*Lalao Tompondakan'ny karaté tany Toamasina.*

Nahazo tompondaka vaovao eo amin'ny sokajy sokajy "Cadets" sy "Juniors" ary "Séniors" lahy sy vavy ny taranja karatedo Malagasy, avy amin'ny fifaninanam-pirenena nandraisana mpandray anjara nanodidina ny 250 anjara, tany amin'ny kianja mitafon'i Soavita Toamasina, nifarana tamin'ny alahady tolakandron'ny 03 desambra 2023. Ireto avy ireo tompondakan'i Madagasikara vaovao tamin'izany: Teo amin'ny Kata "Cadette dame" : Valérie Alaotra Mangoro (24,8). Teo amin'ny Kata « Cadet homme » : Aiko Analamanga (24,5). Teo amin' ny Kata "Junior dame" : Mirantsoa Nationale (24,2). Teo amin'ny Kata « Junior homme » : Fabio Lee Vakinankaratra. Teo amin'ny Kata « Sénior dame » : Gaëlle Nationale. Teo amin'ny Kata « Sénior homme » : Brandon Nationale. Teo amin' ny Kumité « Cadette dame - 47 kg » : Finoana Analamanga. Teo amin'ny Kumité « Cadette dame + 47 kg » : Laurine Analamanga. Teo amin'ny Kumité « Cadet homme - 57 kg » : Francio Betsiboka. Teo amin'ny Kumité « Cadet homme + 57 kg » : Kanto Analamanga. Teo amin'ny Kumité « Junior homme - 61 kg » : Fidy Matsiatra Ambony. Teo amin'ny Kumité « Junior homme + 61 kg » : Rinah Matsiatra Ambony. Teo amin'ny Kumité « Junior dame - 53 kg » : Lucia Matsiatra Ambony. Teo amin'ny Kumité « Junior dame + 53 kg » : Ornela Analamanga. Teo amin'ny Kumité « Sénior dame -50 kg » : Fenosoa Nationale. Teo amin'ny Kumité « Sénior dame -55 kg » : Tsiky Nationale. Teo amin'ny Kumité « Sénior dame - 61 kg » : Carine Analamanga. Teo amin'ny Kumité « Sénior homme - 67 kg » : Herinirina Matsiatra Ambony. Teo amin'ny Kumité « Sénior dame - 68 kg » : Jessica Nationale. Teo amin'ny Kumité « Sénior dame + 68 kg » : Nancy Nationale. Teo amin'ny Kumité « Sénior homme - 75 kg » : Barrage Amoron'i Mania. Teo amin'ny Kumité « Sénior homme - 84 kg » : Patrick Vakinankaratra. Teo amin' ny Kumité « Sénior homme + 84 kg » : Tojo. Teo amin'ny Kumité « Par équipe homme »: Centre Nord. Teo ami'ny Kumité « Par équipe dame » : Centre Nord.

***Rainilita***

### Coupe de Madagascar Rugby 2023

# Ny Uscar sy Ftm ary ny Tam Anosibe sy Cosfa no tafita



*Mpijery baolina teny Andohatapenaka ny alahady teo.*

Ny ekipan'i Uscar kaominina sy Ftm ary ny Tam Anosibe sy Cosfa, no tafita hiatrika ny lalao ankatoky ny famaranana, eo amin'ny fifaninanana rugby fiadiana ny amboara « Coupe de Madagascar Rugby 2023 ». Tontosa tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny alahady 3 desambra 2023 teo, ireo lalao 1/4-dalana efatra tamin'ity fifaninanana ity, izay nisongadinan'ny nanilihan'ny Tam Anosibe ny 3Fb tamin'ny segondra farany taorianan'ny fenenoan'ny "gong" famaranana ny lalao. Vokatra rehetra tamin'ny alahady : Uscar Commune 28 – 26 Tfa Anatihazo, Ftm Manjakaray 52 – 16 Usa Ankadifotsy, Tam Anosibe 26 – 24 3Fb Fahasalamana, Cosfa Miaramila 46 – 15 Tfma Ankasina.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Tongo-kisoa sy ravitoto indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary sôsety miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Mbola ny soa azo avy amin'ny ravimbomanga

Mbola ny soa azo avy amin'ny ravimbomanga no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manala ny harerahana izy: raha reraka dia ravimbomanga 7 ihany ampangotrahina amin'ny rano 1 litatra, 7 minitra ihany koa, ka hatao rano fisotro iny mandritra ny 1 andro.
Raha sempotra dia maka ravimbomanga 3, ka sasana tsara dia tsakoina elabe ao am-bava ary atelina avy eo na koa totoina ny ravimbomanga, ka atao izay hahazoana ranony 1 sotro fihinana dia sotroina vao maraina mandritra ny 3 andro koa.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Amboditavolo distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana

Ny tanànan'Amboditavolo distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Amboditavolo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Vatomandry. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny jirofo, ny lavanila. Ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny ampalibe. Misy mpanao asa tanana koa ny mponina any an-toerana, ankoatra ny mpamboly sy mpiompy.



TSY FANDRIAMPAHALEMANA MISEHO LANY

# Karana vavy voatifitra teny ambony moto teny Namontana

Miseho lany amin'izao fotoana ny tsy fandriampahalemana eto amintsika, tsy any ambanivohitra ihany, fa an-tanàn-dehibe koa. Omaly maraina, karana vavy nandeha moto teny Namontana no nisy nitifitra ka voa teo amin'ny lohany. Mbola tsy fantatra na namoy ny ainy na velona, fa efa nentina maika tany amin'ny toeram-pitsaboana. Jiolahy 4 nitondra basy PA 9 mm no nitifitra ity karana vavy ity, kitapo teny amin' ilay vehivavy no nalain'izy ireo, heverina fa efa narahan'izy ireo ity vehivavy ity, ka teny Namontana vao tratrany izao.

**Niaina**



Ilay karana vavy notifirin'ny jiolahy teny Namontana.

ONN sy ANFA

# Tontosa ny fihaonambe momba ny fanjarian-tsakafo ho an'ny rehetra

Tontosa soamantsara tamin'ny herinandro lasa teo, tetsy amin'ny Hotel Carlton Ampefiloha, ny fihaonambe izay nokarakarain'ny ONN na ny Ofisim-pirenena momba ny fanjarian-tsakafo, izay miahy manontolo ny fanatsarana ny lafiny fahadiovana eo amin'ny sakafo hohanina, ka iarahany mijery tsy an-kiato miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra avy eto an-toerana sy avy any ivelany, mba hitsimbinana misimisy indrindra ny zaza sy tanora ary ny reny bevohoka eny amin' ny fiaraha-monina misy azy avy. Ny ministeran'ny fahasalamam-bahoaka, no nanokatra ny fotoana ary ny foibe ONN no nanao ny fanentanana nandritra ny roa andro niarahany tamin'ny mpiara-miombon'antoka ANFA (Alliance Nationale pour la Fortification Alimentaire ), izay mijery tsy an-kiato ny fanatsarana ara-tsakafo ihany koa. Maro ireo fikambanana nasainy tamin'izany, ka tsy adino ny mpamboly sy ny mpiompy ary indrindra ireo mpikaroka manodidina izany avy amin'ny Anjerimanontolo. Tamin'izao fihaonambe izao ihany koa, no nisy ny fifanankalozan-kevitra ho fanitarana ny toeram-pizahana izay sahaza, na laboratoire izany manerana ny faritany na faritra mety sy miray hevitra momba izany, mba hitsinjovana ireo lamin'asa isan-karazany, ka nahatonga ireo izay nanatrika hanampy hevitra momba ny lafiny teknika sy ny serasera ary ny fifampizaran'asa amin'ny rehetra. Hita tamin'izao hetsika izao ny avy amin'ny governemanta, ireo mpikaroka eny amin'ny sekoly ambony, ny avy amin'ny sehatra tsy miankina samihafa, ka nahatonga ny tompon'andraikitra Ramatoa Rasoanirina Brithney hilaza mazava, fa manome hery sy tanjaka ho amin'ny fanatsarana ny sakafo rehetra miditra am-bava, sy izay voarara na mbola hanaovana fandalinana lalina, ny fahitana ny fandraisan'ny rehetra anjara toy izao.



Ramatoa Rasoanirina Brithney (afovoany), tompon'andraikitra ao amin'ny ONN.

**Beharo**

Championnat de Madagascar tennis 2023

# Nangotraka ny teny amin'ny COT tamin'ny herinandro teo

Nangotraka dia nangotraka tokoa, teny amin'ny kianja filalaovana tenisy, teny amin'ny COT « Club Olympique de Tananarive » Ankadikely Ilafy tamin'ny herinandro lasa teo, nandritra ny fanatontosana ny hetsika « Championnat National de Tennis 2023 » sokajy « Toutes catégories » sy sokajy « Vétérans », ka nandraisana mpilalao nanodidina ny 200 isa avy amin'ny ligin'ny taranja tenisy niisa 7 eto Madagasikara anjara. Nanjaka ny « fair-play » tamin'ny ankapobeny ary tena nampiseho ny traikefa nananany avy ireo mpilalao rehetra nandray anjara. Henin-kaja ny FMT mpikarakara notarihan'ny filohany, Rakotomaniraka Naina Zandina, notronin'ireo « Sponsors » sy mpiara-miombon'antoka isan-tsokajiny notarihan'ny Telma de Madagascar. Vokatra farany : **Vétérans 4è série Dames** Finaliste Rakotondravao Hanitra (Analamanga) Championne Rasamuel Miora (Vakinankaratra). **Vétérans 3è série Dames** Finaliste Merlet Niry (Analamanga) Championne Rakotondravao Hanitra (Analamanga). **Vétérans 2è et 1ère séries Dames** Finaliste Ravololoniaina Charline (Analamanga) Championne RATIA Ramahavonjy Henintsoa (Analamanga). **Vétérans 4è série Hommes** Finaliste Randriamanana Tahina-Amor (Amoron'i Mania) Champion Razaka A.Mandrindra (Amoron'i Mania). **Vétérans 3è série Hommes** Finaliste Rakotonomenjanahary Rija (Analamanga) Champion Vasram Ejaz-ANL (Analamanga). **Vétérans 2è série Hommes** Finaliste Randriamora Heriniaina (Analamanga) Champion Rakotonirina Armand (Vakinankaratra). **Vétérans 1ère série Hommes** Finaliste Razanampamonjy Sylvain (Analamanga) Champion Rajaonarison Rado-ANL (Analamanga). **Vétérans Hommes +55ans** Finaliste Andrianirina Nihary (Vakinankaratra) Champion Raharisena Roland (Boeny). **4è série Dames** Finaliste Martinez Mitia (Analamanga) Championne Andriamanarivo O. Mya (Analamanga). **3è série Dames** Finaliste Martinez Mitia (Analamanga) Championne Martinez Ngotia-ANL (Analamanga). **2è série Dames** Finaliste Martinez Mitia (Analamanga) Championne Rajaobelina Iriela (Expatriée). **1ère série Dames** Finaliste Ramanantoanina Ravaka (Analamanga) Championne Tsantaniony Iariniaina (Analamanga). **4è série Hommes** Finaliste Tovonirina (Analamanga) Champion Rakotonirina H.Paul (Analamanga). **3è série Hommes** Finaliste Tovonirina (Analamanga) Champion Rakotonirina H.Paul (Analamanga) **2è série Hommes** Finaliste Fanantenantsoa Radonirina (Analamanga) Champion Rakotomalala Mahefa A. (Analamanga). **1ère série Hommes** Finaliste Mbolanirina Hasina (Analamanga) Champion Raharivony Nicolas (Analamanga). **Meilleures progressions** Dame Mitia Martinez (Analamanga) Homme Rakotonirina H.Paul (Analamanga).


**Rainilita**



Santionana mpandray amboara teny Ankadikely Ilafy.

Groupe « Young Messenger Praise»

# Tanora mitory an-kira sy mifampitaiza



Ny Gropy Young Messenger Praise.

Ny taona 2019 no namoronan'Andriamihaja Daniel (mpitendry, mpamorona sy mpandrindra hira) ny groupe «Young Messenger Praise ». Tanora lahy sy vavy miisa manodidina ny 20. Resy lahatra noho ny bitsika tsy hay tohaina ao anatin'izy ireo ny amin'ny ampiasana ny talenta ho amin'ny asa fitoriana amin'ny alalan'ny hira sy ny dihy no nandrafitra ny « Young Messenger Praise ». Mirona kokoa amin'ny famolahana ny « gospel » izahay, hoy i Daniel, saingy re hatrany ary mivoitra any anatin'ireo sanganasa ny maha malagasy eo amin'ny sehatry ny fitendrena zavamaneno, sy ny fomba nanajariana ireo tononkira. Misandrahaka amin'ny gadona maroloko (Milamina sy mihetsika) ny tarika, mba hahafahana mampita ny hafatra ho an'ny sokajin'olona rehetra tsy eto an-tanindrazana ihany fa hatrany Dilambato.
Ankoatry ny fandalinana tsy ankiato ny lafiny mozika. Mampiavaka ny Groupe « Young Messenger Praise », ny fisian'ny fanabeazana ara-panahy amin'ny alalan'ny fandalinana ny tenin'Andriamanitra sy ny fizarana « partage » ity farany, izay manome sehatra ny mpikambana hizaran'izy ireo ny olana mety ho tojo azy eny anivon'ny fiarahamonina, ka itadiavana miaraka ny vahaolana sahaza azy ireny. Azo ambara ho « Sekolin'ny fiainana » tokoa, araka izany, ny « Youg Messenger Praise ». Ampahany amin'ireo sanganasa efa tsy afaka ambavan'ny maro nahafantarana ny tarika: ny « Mila anao » sy ny « Mandondona ». Andalam-piketrehana ny sanganasa vaovao sy ny hametrahana ny lafiny fandalinana ny dihy ankehitriny ny « Young Messenger Praise ». Misokatra malalaka amin'ny fiaraha-miasa rehetra hanabeazam-boho ny asa fitoriana izy ireo.

**Lalasoa Razafindrakoto**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Tsiferana R.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**02/12/2023 hatramin'ny 09/12/2023**

- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 78 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 79 329 85/034 14 525 52
- **ANKADIFOTSY** (Arret bus Ankadifotsy) 032 07 314 01/034 22 222 07/038 22 314 01
- **TANA** (Antsahavola) 020 78 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1503-12-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MORONDAVA SY TOLIARA

# Handray sambo lehibe mpitondra mpizahatany ihany koa

Fotoana fandalovan'ireo sambo lehibe mpitondra mpizahatany ankehitriny aty amin'ny fari-dranomasintsika, na any amin'ny faritra andrefana izany, na any amin'ny faritra Atsinanana. Handray sambo lehibe mpitondra mpizahatany ihany koa ny any Morondava faritra Menabe, sy ny any Toliara faritra Atsimo Andrefana. Rehefa nijanona nandritra ny iray andro tany Mahajanga faritra Boeny ny alahady teo, dia hihazo an'i Morondava sy Toliara ny sambo lehibe mpitondra mpizahatany vahiny: Hebridean Sky. Mitondra olona 100 ity sambo lehibe ity, ka ny 85 amin'ireo no mpizahatany, ny ankamaroany dia Amerikana sy Britanika avokoa. Nandritra ny nijanonany tao an-drenivohitra Boegny, nitsidika ny Antsanitia sy ny Lac Sacré na ny Farihy manana ny hasiny ao Mangatsa ireo vahiny ireo. Mianatsimo ihany izy ireo amin'izao fotoana, ka hankafy ny hakanton'ny any amin'ny fari-dranomasin'i Menabe sy Atsimo Andrefana, ary hankafy koa ny renivohitr'ireo faritra ireo mandritra ny ora maromaro amin'ny handalovany any. Ny 11 desambra izy ireo no tokony hiverina any Mahajanga.

***Aly***




*Ilay sambo lehibe mpitondra mpizahatany: Hebridean Sky.*

Fandraharahana, politika, Fianarantsoa

# Nomena ny hasiny sy notsarovana Randriamilaitso Jean




*Ny fitokanana ny Place Randriamilaitso Jean tany Fianarantsoa.*


Nomena ny hasiny sy notsarovana ny mpandraharaha nanana ny naha-izy azy tany Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony: Randriamilaitso Jean. Nampitondraina ny anarany ny toerana malalaka, na Place, manoloana ny biraon'ny Fitaleavam-paritry ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra ary ny Fanjifana any an-toerana. Ity ray aman-dreny ity dia mpanjaitra, mpanentana mahakasika ny fambolena, efa Filoha Lefitry ny Fokontany Rova Fianarantsoa, mpikambana tao amin'ny Komity Mpanatanteraka ny Firaisampokontany Tanàna Ambony, efa Filoha Lefitry ny Filankevi-bahoaka ny Fivondronampokontany Fianarantsoa 1. Mpikambana tao amin'ny Filankevi-paritany Fianarantsoa. Assesseur tao amin'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany. Filohan'ny antoko AKFM Fianarantsoa. Lanonana tsotsotra teo ambany fitarihan-dramatoa Ben'ny Tanàna Dr Ratsimbazafy Sahondramalala Esther no natao, izay notronin'ny Filohan'ny Filan-kevitry ny Tanànan'i Fianarantsoa Randriamihafara Denis Hector, ny Lefitra voalohan'ny Ben'ny Tanàna, ny Procureur Général, natrehan' ny Talem-paritry ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra ary ny Fanjifana, ny solontenan'ny Tale-paritry ny Filaminam-bahoka, ny solontenan'ny DREN, ny solontenan'ny Talem-paritry ny Asam-panjakana, ny avy amin'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany, sefo Fokontany vitsivitsy ary ny zana-dRandriamilaitso Jean mianadahy sy ireo fianakaviany.

***Stefa***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 452**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0451)


***Mitsivalana***

- Vavahady
- Osa – Atao
- Rà – Do (miv)
- Laona – Ar
- Antony
- Variana
- Maty – ZN

***Mitsangana***

- Voalav(o)
- As – Mana (miv)
- Varotra
- Tiona (miv)
- Ha – Anay
- Ota (miv) – In
- Dada – (H)az(o)
- Io – RN

## TENY MIFANAPAKA N° 452




**Mitsivalana**

**1.** Mifanome baiko **2.** Taova – Mpandimby (miv) **3.** Nifandamina amin'ny zavatra atao **4.** Somary maizimaizina **5.** Nalahatra tsara **6.** Lavitra hita maso – Kaontinanta **7.** Manontany toerana – Bengy **8.** Miakatra (miv) – Naoty (miv) **9.** Ao amin'ny Baiboly – Efa tranainy **10.** Mpanoritra (miv) – Lio – Menaka

**Mitsangana**

**A.** Manao vazivazy **B.** Mpanolotra – Mari-bola – Fitoerana arina (BR) **D.** Firavoravoana **E.** Hazo maro – Romana **F.** Nanolorana **G.** Dada, Ray – Ila, iry (miv **H.** Tsy azo atao – Kila tanteraka **I.** Tsirin-teny Iharana – Voaray – simba, masiso (miv) **J.** Voankazo – Tanàna any atsimo **K.** Teny mandrara – Mila mitandrina

## Valiny Teny mifanaraka 0451

**Mitsivalana**

**1.** Lamasinina **2.** Avela – (G)aran(a) **3.** Hery – Anaka **4.** Alimanaka **5.** Rononono – Aro **6.** Ota (miv) – IV **7.** No – Amalona **8.** Tranonay **9.** Amany **10.** Maizina – Rà

**Mitsangana**

**A** Laharana **B.** Avelo – Ha **D.** Merina **E.** Alimo – (G)araz(y) **F.** Sa – Anamamy **G.** Nanatona (miv) **H.** Nana – Olona **I.** Iraka – Ony **J.** Nakarina **K.** Ana – Ovaina

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa, Beharo

Fivorian'ny lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny RMDM sy ny antoko TIM tetsy Bel'Aira Ampandrana omaly, niaraka tamin'ny filoha Marc Ravalomanana.











Karana vavy nisy nitifitra teny ambony kodiaran-droa teny Namontana.





Ny fihaonambe nataon'ny ONN sy ny ANFA, tetsy amin'ny Hotel Carlton ny herinandro lasa teo.

